
# NY FAHOTANA, NY FILAZANTSARA, ARY NY LALÀNA



Lesona 9 hatao ny 30 May, 2026



“Tsy hohadinoiko mandrakizay ny didinao; fa ireny no amelomanao ahy. Anao aho, vonjeo aho; fa ny didinao no tadiaviko”


(Salamo 119:93, 94)

Na manaiky isika na tsia, dia olana mahakasika antsika rehetra ny fahotana, sady manimba ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra: "fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra." (Rom. 3:23).

Ahoana no ahafahantsika manamboatra ny hantsana misy eo amin'Andriamanitra sy amintsika vokatry ny fahotana? Nisy nanolotra vahaolana roa mety ho an'io olana io: ny Lalàna irery (famonjena amin'ny asa, fiheverana diso momba ny asan'ny Lalàna); na ny Filazantsara irery ihany (famonjena amin'ny finoana, fanafoanana ny Lalàna).

Raha azo tsara, dia tsy mifanipaka ny Lalàna sy ny Filazantsara; fa miara-miasa amin'ny ady ataontsika amin'ny fahotana izy ireo. Samy manana ny anjara asany.



- Manalavitra fakam-panahy
- Toro-lalana hialana amin'ny fahotana

**NY FAHOTANA**



Ny Lalàna sy ny Fahotana

**NY LALÀNA**



- Ny Filazantsara sy ny Lalàna
- Miorina eo ambony

**NY FILAZANTSARA**



# NY FAHOTANA



# MANALAVITRA FAKAM-PANAHY

*"fa samy alaim-panahy ny olona, raha tarihin'ny filany sy fitahiny izy."* (Jakoba 1:14)



Antsoin'i Jakoba hoe "sambatra" izay maharitra fakam-panahy (Jakoba 1:12). Nefa, hazavainy fa tsy avy amin'Andriamanitra ny fakam-panahy (Jakoba 1:13), fa avy amin'ny filàndratsintsika kosa (Jakoba 1:14) .

Miresaka momba ny "mpaka-fanahy" iray i Paoly (1 Tesaloniana 3:5), izay tondroin'i Jesosy fa i Satana (Matio 4:3, 10). Izy no tena mahay mampiasa ny fahalementsika hitarihana antsika hanota. Aoka tsy hohadinointsika fa tafiditra ao anatin'ny fifanandrinana misy eo amin'i Kristy sy Satana isika, ka hanao izay rehetra azony atao ny mpaka-fanahy mba hampisaraka antsika amin'i Kristy.







I Samsona no ohatra iray mazava ny amin'ny olona manolon-tena ho amin'ny fakam-panahy ka namela ny tenany ho entin'ny fihetseham-pony, na dia fantany aza fa nifanohitra tamin'ny sitrapon'Andriamanitra izany (Mpitsara 14:1-3; 16:1, 4).

Ahoana no fisorohana ny fakam-panahy? Amin'ny fitadiavana an'Andriamanitra (Mat. 6:33); fanokanana fotoana miaraka Aminy (Mak. 14:38); fandraisana ny finoana ho ampinga (Efes. 6:16).

# TORO-LALANA HIALANA AMIN'NY FAHOTANA

*"Ary raha ny masonao no manafintohina anao, esory hiala izy: fa tsara ho anao ny hiditra toka-maso amin'ny fanjakan'Andriamanitra noho ny manana maso roa, nefa hariana any amin'ny helo."* (Marka 9:47)

**Nanome torolalàna mazava ho antsika mba hisorohana ny fahotana i Jesosy:**



**Aza manao zavatra izay mety hitarika anao hanota (Marka 9:43; Joba 23:12). Ohatra, mividy toaka.**

**Aza mandeha any amin'ny toerana mety hanotanao (Marka 9:45; Joba 23:11). Ohatra, mandeha any amin'ny toeram-pandihizana.**

**Aza mijery zavatra izay mety hitarika anao hanota (Marka 9:47; Joba 31:1). Ohatra, mijery sarimihetsika misy sary mamoafady.**



**Raha fintinina dia ataovy izay rehetra azonao atao mba tsy hanotanao sy mba tsy ho alaim-panahy hanota ianao. Mivavaha momba izany.**

1. Aza miantehitra amin'ny tenanao (1 Kor. 10:12)
2. Atsaharo ny filazana amin'ny hafa fa tsara ianao: manetre tena tahaka an'i Jesosy (Mat. 6:2)
3. Ataovy izay rehetra azo atao mba hialan'ny filan-dratsy ao am-ponao (Mat. 5:28-29)
4. Atsaharo ny fanakianana sy fitsarana ny hafa (1 Kor. 4:5)
5. Aza mankahala ny fahavalonao, fa mivavaha ho azy (Mat. 5:44)
6. Atsaharo ny fahatezerana amin'ny manodidina anao (Mat. 5:22)



לא תרצח
לא תנאף
לא תגנב
לא תענה
לא תחמד
אנכי ה׳
לא יהיה
לא תשא
זכור את
כבד את

# NY LALÀNA

# NY LALÀNA SY NY FAHOTANA


*"Izay rehetra manota no mandika ny lalàna; fa ny ota no fandikana ny lalàna."* (1 Jaona 3:4)





**Naolan'ireo izay mihevitra fa amin'ny fitandremana ny Lalàna dia afaka manavotra ny fahotany izy, ny fifandraisan'ny Lalàna amin'ny fahotana (Gal. 5:4). Izany hevitra izany dia nitarika ny sasany ho amin'ny tendrony mifanohitra, dia ny fanafoanana ny Lalàna.**

**Ny olana dia ny fiheverana fa mifandray amin'ny famonjena ny Lalàna, ka na izy ho fitaovana fitadiavam-pamonjena na ho sakana hahazoana azy. Saingy tsy ny hitondra famonjena velively no anjara asan'ny Lalàna. Inona ary no asany?**





**Ny Lalàna no manambara ny ota amintsika (1 Jaona 3:4). Raha tsy misy ny Lalàna dia tsy ho fantatsika ny atao hoe ota (Romana 7:7), ary dia tsy hitady vahaolana isika (Galatiana 3:24).**

**Tsy enta-mavesatra anefa ny Lalàna, fa fefy miaro antsika tsy hizaka ny vokatra mahatsiravin'ny fahotana (1 Jaona 5:3; Salamo 1:1-3).**



# NY FILAZANTSARA



# NY FILAZANTSARA SY NY LALÀNA

"Koa amin'izany dia ataontsika fa finoana no anamarinana ny olona, fa tsy ny asan'ny lalàna." (Romana 3:28)




Ny famonjena antsika (famelan-keloka sy fiainana mandrakizay) dia azo noho ny asa nataon'i Jesosy ho antsika teo amin'ny hazo fijaliana (Galatiana 3:13). Izany dia miantso antsika ho tia an'i Jesosy noho izany antony izany (1 Jaona 4:9, 19). Ary amin'ny fitandremana ny didiny no anehoantsika indrindra izany fitiavana izany (Jaona 14:15). Andeha hojerentsika indray ny fifandraisan'ny Lalàna sy ny Filazantsara (izany hoe ny famonjena amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy):

1. Ny Lalàna no mamaritra ny atao hoe ota
2. Rehefa manota isika dia voaheloka ho amin'ny fahafatesana mandrakizay
3. Tsy mamela heloka na oviana na oviana ny Lalàna
4. Niaritra ny fahafatesana mandrakizay Jesosy ho fanonerana ny fahotantsika
5. Rehefa manaiky ny sorona nataon'i Jesosy isika dia voavela ny fahotantsika
6. Rehefa voavela heloka isika, dia mitandrina ny Lalàna mba tsy hanota indray (1 Jaona 2:1)

Tsy nikasa ny hanafoana ny Lalàna velively i Jesosy, fa ny hanamafy orina azy (Mat. 5:17). Samy maneho ny toetran'Andriamanitra na ny Lalàna na ny Filazantsara: fitiavana.

# MIORINA EO AMBONY VATOLAMPY

"Koa amin'izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny vatolampy." (Matio 7:24)



Ny fanekena ny Filazantsara dia mitaky fanarahana dingana. Ny dingana voalohany dia ny fahalalana. Tokony ho fantatsika fa misy afaka manavotra antsika (Rom. 10:14).

Saingy tsy hahavonjy antsika ny fahalalana fotsiny. Ampitahain'i Jesosy amin'ny olona iray izay nanorina teo ambonin'ny fasika "ka loza ny fianjerany", ireo izay mandray ny fahalalana ny famonjena nefa tsy mampihatra ny fitsipiky ny filazantsara (Mat. 7:26-27).





Tsy maintsy misy fampiharana mivaingana ny fahalalana (Mat. 7:24-25). Hamarinina tsy araky ny asan'ny Lalàna isika (Rom. 3:28), kanefa ilaina miseho eo amin'ny fiainantsika ho vokatry ny famonjena antsika ireo asa ireo (Mat. 7:18-21).

Rehefa mandray an'i Jesosy isika sy miaina amin'ny fifandraisana ety Aminy, mitandrina ny didiny, dia manorina eo ambonin'ny

**“Mampiseho ny otany amin'ny olona ny lalàna, fa tsy mitondra fanafody hanasitrana izany. Mampanantena fiainana ho an'ny mankato izy, nefa manambara fa fahafatesana no anjaran'ny mpandika azy. Ny filazantsaran'i Kristy irery no mahay manafaka ny mpanota amin'ny fanamelohan'ny fahotana na ny fahalotoana avy aminy. Tsy maintsy mibebaka amin'Andriamanitra izy, satria nandika ny lalàny; tsy maintsy mino an'i Kristy izy, Ilay sorona nanavotra azy. Amin'izany fomba izany no ahazoany “famelana ny heloka tamin'ny lasa” ka mahatonga azy ho mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra.”**

**EGW Hery Mifanandrina, p. 482)**